FANAMBARANA

Ny Ankolafy Ravalomanana, ivondronan'ny antoko TIM, MFM, TEZA, PSD, AMF/3FM ary ireo fikambanana maro samihafa miara-dia aminy dia manao izao fanambarana izao :

I- Mitaky tsy misy hatak'andro ny fampiharana ny Tondrozotra, indrindra ireto andininy manaraka ireto :

Andininy faha16 : Ny Filoha , ny Governemanta, ny fitondran-draharaham-pitondranan'ny tetezamita manontolo ary ny andrim-panjakana rehetra dia tsy maintsy miandraikitra araka ny tandrify azy avy ny fanekena ireo fepetra mikasika ny filaminana sy ny fifampitokisana mba hisian'ny tontolo milamina sy tony, amin'ny fampijanonana ireo fanenjehana ara-pitsarana efa an-dàlana atao amin'ireo mpikambana ao amin'ny mpanohitra izay mety hifototra amin'ny antony ara-politika, ary ho fiantohana ny fanajana ny fanjakana tàn-dalàna sy ny feni-kevitra amin'ny fomba fitondrana mitovy. Ireo fepetra momba ny fifampitokisana ireo dia tsy mahakasika ny fanenjehana ara-pitsarana niandraiketana teo amin'ny sehatry ny heloka bevava natao tamin'ny olona, heloka bevava tamin'ny ady, heloka bevava noho ny fandripahana ain'olona maro ary fandikana goavana ny lalàna momba ny zon'olombelona sy ny fahalalahana fototra ;

Andininy faha 17 : Ny Filoha, ny Governemantan'ny Tetezamita, ny fitondran-draharahan'ny tetezamita manontolo ary koa ny andrim-panjakan'ny tetezamita rehetra dia tokony hanaiky fa hiaro sy hampiroborobo ny Zon'olombelona eto Madagasikara, ary hanaja ny fahalalahana fototra, indrindra indrindra ny fahafahana miteny, maneho hevitra, miditra fikambanana, manao fihetsiketsehana ary koa ny fahalalahana amin'ny fanaovan-gazety. Ny fampiasana ireo zo ireo dia tsy maintsy tanterahina ao anatin'ny fanajana ny lalàna misy ao amin'ny firenena ;

Andininy faha 20 : Ny Fahefana Avon'ny Tetezamita (FAT) dia tokony hamela ny Olom-pirenena Malagasy rehetra nanao sesitany noho ny antony ara-politika hiditra eto Madagasikara tsy misy fepetra, anisan'izany Andriamatoa Marc Ravalomanana. Ny FAT dia tokony hiantoka ny fiarovana ireo malagasy rehetra nanao sesitany niverina an-tanindrazana. Ny FAT dia tokony hamolavola sy hamoaka hampanan-kery haingana ny lalàna ilaina amin'izany, tafiditra amin'izany ny lalàna momba ny famotsoran-keloka, mba hiantohana ny fahalalahana ara-politika ho an'ny Olom-pirenena Malagasy rehetra ao anatin'ny fomba iarahana mitantana ny tetezamita, mitondra mankany amin'ny fanaovana fifidianana malalaka, marina ary azo itokiana;

- Manamafy fa [redacted] nomelohin'ny Fitsarana tanteraka ny Filoha Ravalomanana (condamnation definitive). Fitsarana tsy mahefa no nitsara azy sady tsy natrehiny rahateo, araka izany dia tsy didy raikitra ny didim-pitsarana nivoaka tamin'izany.

- Ny vahoaka maro an'isa manerana ny Nosy dia mitaky ny hirotsahany ho fidiana filoham-pirenena ho fanajana ny fenitra demokratika.

II- Manameloka tanteraka ny fihetsika mamohehitra sy mamoafady natao tamin-dRtoa Rakotonirainy Lalao vadin'ny filoha Ravalomanana sy Rtoa Gergana vadin'i Josoa Ravalomanana (zanany), izay midika tsy fanajana ny zon'olombelona amin'ny teratany Malagasy tsotra mizaka ny zom-pirenena, nampanaovin'ny fiadidiana ny tetezamita .